# 365Tantara 83. Ilay Mpamonjy izay tantarain'i D. Livingstone



# 83. Ilay Mpamonjy izay tantarain'i David Livingstone!

Tany Afrika, i David Livingstone dia nifankahita tamin’ny mpivarotra andevo iray izay mitondra ireto olona mifatotra ary ho entin'ity mpivarotra ity any amin'ny sisin-tany mba hamidy.

Nangovitra noho ny hatezerana ity misiônera manoloana izao varotra maharikoriko izao, kanefa tsy afaka nanohitra izany.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Raha nahita, indray andro tao anaty ilay tsanganana mampalahelo, olona iray tena mampangoraka nohon' ny hafa, dia niantso ilay mpivarotra izy:

- Ohatrinona no tadiavinao ny amin' ito? Hovidiko aminao izy.

Natao ny varotra ary novahana ilay olona mampalahelo izay nijanona teo, resy lahatra fa niova tompo fotsiny izy.



- Fa tsia, hoy Livingstone taminy, afaka ianao, novidiako ianao.



Avy eo ilay iray nihiaka hoe:

- Te hitoetra miaraka aminao aho, ary hanompo anao ankalalahana satria nalahelo ahy ianao.



Izay nataon'i Livingstone tamin'ity andevo ity, dia nataon’i Jesosy ho antsika rehetra:  novidiany tamin'ny ràny isika. Izany no ha¬nompoantsika azy, tsy amin'ny fisainana fanandevozana intsony, fa ankalalahana, am-pitiavana sy fankasitrahana. Izao ny toky hita ao amin'ny epistilin'i Paoly ao amin'ny Galatiana 4:7. “Ka dia tsy mpanompo intsony hianao, fa zanaka: ary raha zanaka, dia mpandova koa noho ny fahasoavan’Andriamanitra”. Ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy 5:9, dia voasoratra momban'i Jesosy : “ary ny rànao no nanavotanao ho an’ Andriamanitra olona avy tamin’ ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra" Andao hampaha¬fantatra an'ireo izay mbola andevozin'ny ota fa afaka vidina maimaimpoana amin'izany fiainana ratsy izany izy ireo, tamin'ny sorona nataon’i Jesosy Kristy teo amin'ny hazo fijaliana, mba hiaina fiainam-pahafahana marina, afaka amin'ny fahotana, ary handray ny fiainana mandrakizay!